Ny Baiboly ho an'ny ankizy
dia manolotra

Ireo fahagagana nataon'i Jesoa

Nosoratan'i: Edward Hughes

Sarin'i: Byron Unger; Lazarus

Nampifanarahin'i: E. Frischbutter; Sarah S.

Nadikan'i: Fikambanana "Ndao mba hiaraka aminay" na association "Allons ensemble" FJKM Nazareta Amborovy Mahajanga Madagascar

Novokarin'i: Bible for Children
www.M1914.org

©2013 Bible for Children, Inc.
Azo atao ny fandikana na fakana ity tantara ity nefa tsy ho amin'ny fitadiavam-bola.

Marobe ny fahagagana vitan'i Jesoa. Izany dia maneho ny maha-Zanak'ANDRIAMANITRA Azy.

Tao amin'ny fampakaram-bady iray izay no nanaovan'i Jesoa ny fahagagana voalohany.

Nisy zava-manahirana nitranga. Tsy ampy ny divay ho an'ireo nasaina.

Lasa i Maria, renin'i Jesoa, nilaza izany olana izany tamin'ny Zanany.



Avy eo dia noteneniny ireo mpikarakara mba hanaraka izay hasain'i Jesoa hataony.



"Fenoy rano ny siny", hoy Jesoa. "Rano?" hoy izy ireo angamba nanontany.

Eny e! Tena rano tokoa no nambaran'i Jesoa.

Avy eo dia nasain'i
Jesoa nentina
tany amin'ny ...

... tompon'andraikitry ny sakafo ny siny iray mba handramany. Niova ho divay ilay rano. Divay tsara. Faran'izay tsara.

Nivanaka ireo mpikarakara.

Nanova ny rano
ho tonga divay
i Jesoa.

ANDRIAMANITRA irery ihany no mahavita fahagagana toy izany.

Nahavita fahagagana hafa koa Jesoa. Indray hariva, tany an-tranon'i Petera i Jesoa sy ny mpianany. Narary ny rafozambavin'i Petera. Voan'ny tazo izy.

Noraisin'i Jesoa ny tanan'ilay marary. Niaraka tamin'izay, sitrana ilay vehivavy.

Nitsangana izy ka nikarakara an'i Jesoa sy ny mpianany.

Io hariva io ihany,
nitangoronan'ny
iray tanàna
ny tranon'i
Petera. Maro
ireo marary
tonga teo:
ny jamba,
ny marenina,
ny mandringa.

Tao aza ireo nitoeran'ny fanahy ratsy. Ho vitan'i Jesoa ve ny hanampy ireo rehetra ireo?

Vitan'i Jesoa, Ilay Zanak'ANDRIAMANITRA, ny hanampy azy ireo. Nampian'i Jesoa izy.

Sitrana avokoa izay rehetra nanatona an'i Jesoa.

Nisy olona nandeha tamin'ny tehina hatrizay niainany no nandeha, nihazakazaka sy nitsambikimbikina.

Nisy hafa koa tonga teo. Olona nosimbain'ny habokana ny tarehiny.

Na ireo olatra
navelan'ny
habokana aza
dia tsy hita
intsony
rehefa
nodiovin'i
Jesoa
ireo.

Nisy lehilahy sy vehivavy,

...

... nampaorian'ny devoly, nijoro nanoloana an'i Jesoa.

Nobaikon'i Jesoa ireo devoly mba hiala.

Raha vao nanaiky an'i Jesoa ireo devoly ka niala dia indreo fa tony sy miramirana ireo olona nihorohoro sy nijaly teo.

Tao aorian'ireo olona marobe ireo, nisy efa-dahy nitondra ny namany marary hanatona an'i Jesoa.

Tsy afaka anefa izy ireo fa nifanisika loatra ny olona. Inona no azony natao?

Nakarin'ireto
sakaizany efatra
teny ambony tafo
ilay marary.

Nanendahany ny tafo ka teo no nampidinany ilay namany marary.

Ary dia tonga
teo akaikin'i
Jesoa izy.

Rehefa hitan'i Jesoa
ny finoan'izy
efa-dahy
dia hoy Izy
tamin'ilay
marary:
"Voavela
ny helokao.
Betao ny
fandrianao
ka mandehana."

Dia nitsangana ralehilahy. Sitrana sady natanjaka izy. Jesoa no nanasitrana azy.

Taty aoriana kely,
nandeha sambokely
niaraka tamin'ny
mpianany
i Jesoa.

Nisy tafiodrivotra
mahery
nampisavoaravoara
ny ranomasina.

Jesoa
anefa natory.
Natahotra ny
mpianany ka
namoha Azy.

Niantso mafy
izy ireo hoe:
"Tompo ô!
Vonjeo
fa maty
izahay."

"Mangina, mitsahara" hoy
i Jesoa nibaiko ny onja.
Niaraka tamin'izay,
nitony ny
ranomasina.





"Lehilahy manao ahoana re Io,
fa ny rivotra sy ny ranomasina
aza dia manaiky Azy e!"
hoy ireo mpianany
nifanontany.





Nino izy ireo fa
Zanak'ANDRIAMANITRA
tokoa i Jesoa ka maneho
ny voninahiny izao
fahagagana
izao.



Ary ny mpianatra tsy nahalala fa
mbola hahita zava-mahagaga lehibe
noho izao efa hitany izao
izy ireo, nandritra
ny fotoana
niarahan'i



Jesoa
tamin'ny
olona, ...



... nanompo
an'ANDRIAMANITRA.





Ireo fahagagana nataon'i Jesoa

Tantaran'ny Tenin'Andriamanitra,
ny Baiboly,

Tao amin'ny bokin'ny

Matio 8 – 9, Marka 1 – 2, Marka 4,
Lioka 4, Lioka 8, Jaona 2

"Ny fanambaràn'ny teninao dia
manazava." Salamo 119:130

Tapitra

Ny tantara ao amin'ny Baiboly dia miresaka amintsika ny amin'Ilay Andriamanitsika mahafinaritra, Izay namorona antsika ary maniry ny hahafantarantsika Azy.

Fantatr'Andriamanitra fa manao zava-dratsy foana isika, izany no antsoiny hoe "fahotana". Fahafatesana no sazy ho antsika noho ny otantsika, saingy tian'Andriamanitra tokoa isika ka nomeny Jesosy Zanany ho faty teo amin'ny hazo fijaliana, mba ho voasazy noho ny helontsika. Avy eo nitsangana tamin'ny maty Jesosy, ary niakatra any an-danitra! Raha mino an'i Jesosy ianao, ary mangataka Aminy mba hamelàny ny helokao, dia havelany tokoa izany! Honina ao aminao Izy, ary ianao honina miaraka Aminy mandrakizay.

Raha te-hibebaka hiala
amin'ny fahotanao ianao, dia izao
no afaka lazainao amin'Andriamanitra:
Ry Andriamanitra ô, mino aho fa maty ho ahy
Jesosy, ary velona Izy ankehitriny. Miangavy
Anao aho, Tompo ô, midira ao amin'ny fiainako,
ary mamelà ny heloko, mba hahazoako fiainan-
baovao, ary ho avy ny andro handehanako eny
Aminao ho mandrakizay. Ampio aho ho velona
ao aminao, tahaka ny Zanakao. Amena.

Vakio ny Baiboly ary miresaha
amin'Andriamanitra isan'andro!
Jaona 3.16